NY FIANAKAVIAM-BEN'NY SCOUT TOMIMA SY ORIMA MADAGASIKARA

1. **Inona no antsoina hoe scoutisme?:**
   Ny scoutisme dia fomba fanabeazana tanora izay noforonon'i Baden Powell na i BiPi t@ 1907
   Ny scoutisme dia hetsiky ny tanora (mouvement de jeunes)
2. **Iza moa no antsoina hoe scout :**
   Tanora iray izay nanaiky sy nanao fanekena fa hankatoa ny fototra telon'ny scoutisme :
   Hanompo an'Atra, hanompo ny tanindrazana na hankatoa mpanjaka, hanaja ny lalana folon'ny Scout,
3. **Inona marina moa izany fomba skoto izany?:**
   Manana ny antsoina hoe Singa fito na fomba fito ny scout: (ireo no maha skoto ny skoto)
   - Lalana sy fanekena (lois et promesse)
   - Fanabeazana arak'asa (éducation par l'action ou pedagogie du projet)
   - Tarazo (cadre symbolique)
   - Fifandraisan'ny tanora sy ny olon-dehibe
   - Fivoaran'ny tsirairay (Systeme de progression personnelle)
   - Fiainana ankalamanjana (vie dans la nature)
   - Fiainam-bondrona (vie en petits groupe)
4. **Ahoana ny firafiny ?**

Ny tanjon'ny skotisma dia ny hamokatra olona vanona hoan'ny firenena sy vonona hoan'ny fiangonana, ka dia ampiharina ao anatin'ny fikambanana sahady ny « fandraisana andraikitra » , misy lamina sy mpiandraikitra avokoa ny zavatra rehetra, hatrany amin'ny mpikambana kely indrindra ka hatramin'ireo efa zokiny , (misy ny lohatarika, ny lohan-tsokajy, ny loholona, ny zoky , ny tonia, ny zoky nasionaly)

5. **Mitovy avokoa ve ny fomba fanabeazana skoto (methode scoute) maneran-tany ?**

Eny, fa ny fitodiky ny fanabeazana (Orientation) no tsy mitovy , arakaraky ny filana misy eo amin'ny firenena na tanana na ny fiangonana misy ny fikambanana

6. **Inona kosa no anjaran'ny ray amandreny ?**

Tsy afaka miasa irery ireo mpitarika, fa misy ny fikambanan'ny ray amandreny izay mifidy ny antsoina hoe "Komity Mpiahy", tsy voatery hoe efa Skoto akory izy ireo, fa ireo ilay azo antsoina amin'ny anarana hoe "sakaizan'ny Tanora skoto Tomima sy Orima Madagasikara, olona izay mankasitraka ny fomba fanabeazana Scout ireo, ka mandefa ny zanany hiditra ao, ary koa miahy sy manampy ireo mpanabe amin'ny asa izay ataony. Ireo ihany koa no manelanelana ny mpanabe skoto sy ny rafitry ny fiangonana, @ ankapobeany dia Olona mandalo izy ireo satria fifidianana no handraisany andraikitra, kanefa kosa dia mila maharaka tsara ny fomba fanabeazana scout izy ireo mba ho arofanina amin'ny hetsika rehetra izay atao (Toy ny fikambanan'ny ray amandrenin'ny mpianatra izany ny Komity Mpiahy)

7. **Fa maninona no manao Rafitra miaramila isika?** :

Satria endrika miaramila ny fandaminana, ary miaramila rahateo no namorona azy, miainga avy amin'ny fankatoavana sy fifankatiavana ary fanolorantena avokoa ny fandaminana ato amin'ny TOM

8. **Nahoana no tsy maintsy milasy isika?:** Satria fanatanterahana ny singa fito izany ! "fiainana ankalamanjana"

9. **Nahoana isika no tsy mianona fotsiny amin'ny fitaizana ara-panahy?** :

Satria olona hanao adidy amin'ny fiaraha-monina sy ny firenena ary ho mpitarika eo anivon'ny fiangonana no vokarintsika.

10. **Inona no tombotsoan'ny fiangonana amin'ny fanabeazana Skto?**

Ny Skotisma dia manabe tanora hanana "principe" hitana ny teny nomena (fidèle), hanana fo antra , tsy ho mataho-masomena, tsy hiamboho adidy, ho mpitarika na mpanampy mpitarika fa tsy ho vesatry ny ankohonana na ho olana hoan'ny fiangonana, ary dia higoka ny vokatrizany ny tenany, sy ny fiangonana izay misy azy rahatrizay lehibe izy!

11. **Misy ambaratonga marobe ve ny skoto TOM?**

Eny ! na ny fomba fanabeazana aza dia misy karazany telo miavaka tsara,
Fiainana nofinofy ao anaty tontolo nofinofy ny sampana Mavo
Fiainana nofinofy ao anaty tontolo tena izy ny sampana Maitso
Fiainana tena izy ao anaty tontolo tena izy ny samapna Mena
Ary ny mpikambana tsirairay dia samy manana ny ambaratonga sy dingana misy azy (efa vitany) avokoa, (izany ilay antsoin'ny olon-tsotra hoe "Grady") ny samy skoto ihany no tena mahalala tsara ny anton'izy ireny

12. **Iza marina moa ny Ekipa Nasionaly (na ny zoky nasionaly):**

Ireo no Miandraikitra ny teknikam-panabeazana (teknisiana) eto anivon'ny TOM sady mitazona sy manara-maso ny maha scoutisme ny fanabeazana ampiharin-tsika, ireo no manofana sy manendry ny "mpikambana manao fanamiana" rehetra , Ny Filohan'ny skoto manao fanamiana T.O.M dia ny Tonia Nasionaly,

13. **Inona marina moa ny Komity Nasionaly:**

ny Komity Nasionaly dia ray amandreny miahy mivantana ny Ekipa Nasionaly, ary koa manendry sy mandrindra ny asan'ny Komity isam-paritra rehetra, Izy no manelanelana ny Ekipa Nasionaly amin'ny fiangonana,

Ny Ekipa Nasionaly TOM 2003